

## Teny ho an'ireo Mpiasan'ny Fahasalamana any ambanivohitra

### Iza ireo mpiasan'ny fahasalamana any ambanivohitra?

Ny mpiasan'ny fahasalamana any ambanivohitra dia olona iray izay mitarika ny ankohonana sy ny mpifanolo-bodirindrina mba hanana fahasalamana tsara kokoa. Matetika dia lehilahy na vehivavy izay fidian'ny olona eo-tanàna izy, izay hia fa sady mahay no tsara fanahy.

Ny mpiasan'ny fahasalamana any ambanivohitra sasantsasany dia mahazo fampiofanana sy fanampiana avy amin'ny tetik'asa voarindra, mety ho avy amin'ny Ministeran'ny Fahasalamana. Ny sasany kosa tsy manana toerana ofisialy fa mpikambana tsotra ao anatin'ny fiaraha-monina izay hajain'ny mponina amin'ny maha mpitsabo na fantatra ho manana fahaizana manokana mikasika ny fitsaboana. Matetika izy ireo dia nahazo fahalalàna tamin'ny alalan'ny fandinhana ny ataon'ny mpitsabo, fanampiana ny mpitsabo, sady nampiana-tena.

Raha amin'ny hevitra malalaka kokoa, ny mpiasan'ny fahasalamana eo an-tanàna dia olona izay mandray anjara amin'ny fanaovana ny tanànany ho fonenana izay salama kokoa.

Izany dia midika fa saika ny olona tsirairay dia afaka ary tokony ho mpiasan'ny fahasalamana:

- Ny ray aman-dreny dia afaka mampianatra ireo zanany ny fomba fitandroana ny fahadiovana;
- Ireo tantsoha dia afaka miara- miasa mba hanampiana ny tanin'izy ireo hamokatra sakaf bebe kokoa;
- Ireo mpampianatra dia afaka mampianatra ireo ankizy mpianatra ny fomba hisorohana sy hitsaboana ireo aretina mpitranga matetika sy ratra;
- Ireo ankizy mpianatra dia afaka mizara ny zavatra nianarany amin'ireo ray aman-dreniny;
- Ireo mpivarotra dia afaka mikaroka ny fomba marina hampiasana ireo fanafody izay amidiny ary manome torohevitra mitombina sy fampitandremana ho an'ireo mpanjifa (jereo p. 338);
- Ireo mpampivelona dia afaka manoro hevitra

ireo ray aman-dreny mikasika ny maha zava-dehibe ny fihinanana sakafara-dalàna mandritra ny fitondrana vohoka, ny fampinonoana, ary ny fandrindram-piterahana.

Ity boky ity dia nosoratana ho an'ireo mpiasan'ny fahasalamana amin'ny heviny malalaka kokoa. Izy ity dia ho an'izay rehetra te ahalala sy hanao bebe kokoa ho an'ny fahasalamana'ny tenany, ny ankohonany na ny vahoaka.

Raha to aka mpiasan'ny fahasalamana eo anivon'ny fiaraha-monina, mpitsabo mpanampy, eny fa dia dokotera ianareo, tadidio fa: ity boky ity dia tsy ho anareo irery. Ho an'ny **olona rehetra izy ity**. Koa zarao!

Ampiasao ity boky ity mba hanampy anareo hanazava izay fahalalàna anananareo amin'ny hafa. Mety azonareo atao ny mamory olona vitsy hiara-mamaky sy miresaka mikasika toko iray.

**NY MPIASAN'NY  
FAHASALAMANA ANY  
AMBANIVOHITRA DIA MIAINA SY**



**MIASA EOANIVON'NYVAHOAKANY. NY ASANY VOALOHANY INDRINDRA DIA NY MIZARA NY FAHALALANA ANANANY.**

Ry mpiasan'ny fahasalamana eo an-tanàna hajaina,

Ity boky ity dia natao indrindra ho an'ny **filàna ara-pahasalamana**'ny mponina. Fa mba hanampy ny tanànanareo mba ho fonenan'ny olona salama, dia tsy maintsy mahafantatra amin'ny amin'ny **filàn'izy ireo amin'ny maha olombelona** ianareo. Ny fahatakaranareo ny fisainany sy ny fiahianareo ny momba ireo vahoaka ireo dia mitovy lanja amin'ny fahalalànareo mikasika ny fitsaboana sy ny fahadiovana.

Ireto ary misy soso-kevitra izay mety hanampy anao hamaliana ny filàn'ny vahoakanao amin'ny maha olombelona sy ara-pahasalamana:


### 1. MANEHOA HATSARAM-PANAHY.

Fiteny tsy miavona, tsiky, tehan-tsoroka kely, na fihetsika hafa enti-maneho fiahiana ny momba ny hafa matetika dia misy dikany kokoa noho ny zavatra hafa mety ho ataonareo. **Ento toy ny olona mitovy aminareo ny hafa.** Na dia maimaika na miady saina aza ianareo dia ezaho tadiniana ny fihetseham-po sy ny filàn'ny hafa. Matetika dia manampy anareo izany hanontany tena hoe: "Inona re no ataoko raha anisan'ny fianakaviako io olona io e?"

**Ento toy ny olona rehetra ny marary.** Manehoa hatsaram-panahy manokana manoloana ireo olona marary be na ambavahoanan'ny fahafatesana. Ary manehoa hatsaram-panahy amin'ny havany. Asehoj fa miekarakara azy ireo ianareo.



**2. ZARAO NY FAHALALANA ANANANAREO.** Amin'ny maha mpiasan'ny fahasalamana anareo, ny asanareo voalohany dia ny mampianatra. Izany dia midika fa manampy ny olona hahalala bebe kokoa ny fomba atao mba tsy harary ianareo. Izany koa dia midika fa manampy ny olona hamantatra sy hifehy ny aretiny ianareo—ao anatin'izany ny fampiasana



MITADIAVA FOMBA HIZARANA NY FAHALALANA ANANANAREO.

**MANANA FANGORAHAM-PO.**  
Matetika ny hatsaram-panahy dia manampy kokoa noho ny fanafody. Aza matahotra ny maneho fa mikarakara ny hafa ianareo.

Am-pitandremana ny fanafody natao tao an-trano sy ny fanafody mahazatra.

ny fanafody vita ao an-trano sy ireo fanafody mahazatra.

Tsy misy zavatra nianaranareo ka hivadika ho loza ho an'ny olona raha toa ka azavaina am-pitandremana. Ny dokotera sasany miresaka mikasika ny **fitsaboana ny tena** ho toy ny zavatra mampidi-doza, angamba satria tiany hiankina amin'ny tolotra lafo vidy omen'izy ireo ny olona. Saingy ny marina dia **ny ankabeazaar'ny olana ara-pahasalamana mahazatra dia azo fehezin'ny olona mialoha ary tsara kokoa ao an-tranon'izy ireo ihany.**

### **3. HAJAO IREO FOMBA FANAON'NY OLONA TALOHA SY NY HEVINY.**

Ny fianaranareo mikasika ny fitsaboana maoderina dia tsy midika fa tsy tokony hankasitraka ireo fomba fanao nentin'ny olona taloha hitsaboana intsony ianareo. Matetika tokoa mantsy dia very ny fitsaboana amin'ny maha-olona rehefa miditra an-tsehatra ny fitsaboana ara-tsiansa. Mampalahelo tokoa izany satria. . .

**Ny tsara indrindra dia ny mampivady ny fitsaboana maoderina  
amin'ny fitsaboana nentim-paharazana, dia mety ho tsara kokoa ny  
vokany noho ny fampiasana ny iray amin'ireo ihany.**


Amin'izay dia hanampy amin'ny kolontsain'ny olona ianareo, fa tsy hanala.

Mazava ho azy fara ha hitanareo fa mampidi-doza ny sasany amin'ireo fitsaboana natao tao an-trano na ireo fomba (ohatra: manosotra diky eo amin'ny foitran'ny zaza vao teraka vao avy notapahana), dia te hanao zavatra ianareo mba hanovana izany. Saingy ataovy amim-pitandremana izany, amim-panajana ireo izay mino ny zavatra toy izany. Aza tonga dia tenenina hoe diso ny olona. Ezaho ny manampy azy ireo ahazo ny ANTONY tokony hanovan'izy ireo ilay fomba.

Miadana ara-piovam-pihetsika sy fomba amam-panao ny olona, ary misy antony tsara izany. Tsy mivadika amin'izay fantany fa tsara izy ireo. Ary tokony hajantsika izany.

Tsy manana ny valim-panontaniana rehetra ireo fitsaboana maoderina. Nanampy namaha olana sasany ireo, saingy nitarika olana hafa, ary matetika dia olana lehibe kokoa izany. Vetivety dia miankin-doha amin'ny fanafody maoderina sy ireo manam-pahaizana mikasika izany ny olona, ka mampiasa fanafody be loatra ary dia manadino ny fomba fikarakarana ny tenany sy ny hafa.

Noho izany dia mandehana mora ihany—ary hazomy ny hatrany ny fanajana ny olona, ireo fomba nentim-paharazany, ary ny voninahiny. Ampio izy ireo hiantehitra amin'ny fahalalàna sy fahaizana efa nananan'izy ireo.



**MIARAHAMIASA  
MIARAKAMINIREO  
MPITSABONENTIM-  
PAHARAZANASY  
MPAMPIVELONA—FA  
TSYMANOHITRAAZY  
IREO.**

**Mianara amin'izy ireo  
ary amporisiho izy hianatra  
aminareo.**

#### 4. FANTARO NY FETRANAREO.

Na lehibe na kely ny fahalalàna sy ny fahaizanareo dia afaka manao asa tsara ianareo raha mbola fantatrao ary miasa ao anatin'ny fahalalàna ny fetranareo ianareo. Ny dikan'izany dia: **Ataovy ny zavatra hainareo atao**. Aza manandrana zavatra tsy nianaranareo na tsy anananareo traik'efa ampy raha to aka mety hampidi-doza na hanimba olona izany.

Fa ampiasao ny sainareo.

Matetika dia ny zavatra tapahanareo fa ho atao na tsia dia hiankina amin'ny hoe hatraiza no tokony alehanareo mba ahazoana fanampiana avy amin'ny manam-pahaizana kokoa.



#### FANTARO NY FETRANAO.

Ohatra: misy reny iray vao avy niteraka ary dia nandeha rà be kokoa noho ny eritreretinareo fa tokony ho izy. Raha toa ka eo amin'ny lalana antsasak'adiny ny manelanelana ny toerana misy anareo sy ny tobim-pitsaboana, ny fahendrena angamba dia tonga mitondra azy any. Saingy raha to aka tena mandeha rà mafy tsy mijanona ilay reny ary lavitra ny tobim-pitsaboana ny toerana misy anareo dia mety handray fanapahan-kevitra ianareo hanotra tranon-janany (jereo p. 265) na manindrona azy amin'ny fanafody izay mamehy ny fahaverezan-drà (jereo p. 266) eny fa na dia tsy nampianarina izany aza ianareo.

Aza manandrakandrana raha toa ka tsy voatery manao izany ianareo. Saingy raha tena hita fa goavana ny loza hitranga raha tsy manao na inona na inona ianareo dia aza matahotra ny manandrana zavatra izay fantatrareo fa tena hanampy tokoa.

**Fantaro ny fetranareo—fa ampiasao ihany koa ny sainareo.** Ataovy foana izay azonareo atao hiarovana ny marary fa tsy ny tenanareo.

#### 5. MIANARA HATRANY.

Ampiasao hatrany ny fahafahanareo mianatra bebe kokoa. Ianaro foana na inona na inona boky na fampahalalàna sendra ny tananao izay hanampy anareo ho mpiasa, mpampianatra na olombelona tsara kokoa.

Mivonona hatrany hametraka fanontaniana amin'ny dokotera, tompon'andraikirity ny fahadiovana, manam-pahaizana mikasika ny fambolena, na olona hafa izay ahazoanareo mianatra zavatra. Aza avela mandalo ny fahafahanareo hianatra zava-baovao na fiofanana fanampiny.

Ny asanareo voalohany indrindra dia ny mampianatra, ary raha tsy mianatra zavatra mihoatra ny efahainareo ianareo, vetivety dia tsy hanana zavatra vaovao ampianarina ny hafa intsony.



**MIANARA HATRANY—Aza avela hisy hiteny fa misy zavatra tsy tokony ianaranao na fantarinao.**

## **6. AMPIHARO NY ZAVATRA AMPIANARINAREO.**

Manintona ny olona kokoa ny mijery ny zavatra ataonareo noho ny zavatra teneninareo. Amin'ny maha mpiasan'ny fahasalamana anareo dia mila mikarakara manokana ny fiaiananareo sy ny fahazaranareo ianareo mba ho ohatra tsara ho an'ny manodidina anareo.

Alohan'ny itenenanareo ny olona mba hanangana lava-piringa, ataovy manana lava-piringa aloha ny ankohonanareo.

Raha toa ka manampy amin'ny fananganana vondron'olona hiasa ianareo—ohatra hoe hangady lava-pako iraisana—dia mandraisa angady koa ianao ka miasà mafy sy manaova tsemboka miaraka amin'ireo hafa.

**Ny mpitarika tena izy dia tsy milaza amin'ny olona ny tokony atao.  
Fa izy no ohatra arahina.**



## **AMPIHARO NY ZAVATRA AMPIANARINAREO. (Na iza ny olona hiaino anareo?)**


### **7. MIASA AO ANATIN'NY FITIAVANA ILAY ASA.**

Raha tianareo handray anjara amin'ny fampivoarana ny tanànany sy ny fahasalamany ny olon-kafa dia ataovinareo amim-pifaliana sahady aloha izany andraikitra izany. Fa raha tsy izany, dia tsy hisy olona hazoto haka-tahaka ny ataonareo.

Ezaho ny mba ahatonga ny tetik'asa ara-piaraha-monina ho fahafinaretana. Ohatra:mety ho asa mafy ny mamefy ny lava-drano iombonana mba hanalavirana ireo biby ny toerana fakan'ny olona rano hosotroina. Fa raha ny iray tanàna no mifanampy manao izany dia toy ny 'fetin'ny asa'—mety afaka asiana fialàna hetaheta sy mozika—ho vita haingana ny asa ary ho toy ny fialam-boly. Hiasa mafy ihany koa ny ankizy ary ho tiany izany raha toa ka ataony ho toy ny lalao izany.

Mety hahazo vola ianareo amin'ilay asa, nefà mety tsy hahazo koa. Saingy aza mandà mihitsy ny hanampy, na hoe tsy dia miahahaha firy ny olona mahantra tsy afaka mandoa vola

Raha manao izany ianareo dia hahazo fitia avy amin'ny olona ary hajaina.Izany dia sarobidy lavitra noho ny vola.



**MIASA VOALOHANY INDRINDRA HO AN'NY OLONA—FA TSY HO AN'NY VOLA.  
(Mendrika kokoa ny olona.)**

## 8. MIJERE LAVITRA—ARY AMPIO NY HAFA HIJERY LAVITRA.

Ny mpiasan'ny fahasalamana mandray andraikitra dia tsy miandry ny olona harary. Miezaka hisoroka ny aretina izy mba tsy hitrangan'izany. Mamporisika ny olona izy mba handray andraikitra **avy hatrany** hiarovana ny fahasalamany anio sy amin'ny ho avy.

Maro ireo aretina no azo sorohina. Noho izany, ny asanareo dia ny manampy ireo olona hahatakatra izay mety ho anton'ny olana ara-pahasalamana'izy ireo ka handray andraikitra mikasika izany.


Ny ankabeazan'ny olana ara-pahasalamana dia manana antony maro dia maro, ka ny olana iray dia miteraka olana iray hafa. Mba hanitsiana ny olana amin'ny fomba maharitra, mila zahanareo ary atrehinareo ny **fototry ny olana**. Mila jerenareo ny fototry ny olana.

Ohatra, amin'ny tanàna maro, ny aretim-pivalanana no antony mateti-pitranga indrindra mahafaty ny ankify kely. Ny tsy fahampian'ny fahadiovana no anisan'ny miteraka ny fihankaly ny aretim-pivalanana (tsy-fahadiovana ary tsy-fitandremana ara-pahasalamana). Azonareo atao ny manitsy izany amin'ny alalan'ny fandavahana lava-piringa ary mampianatra ny lalàna fototra mikasika ny fahadiovana (p. 133).

**Fa ireo zaza voa sy matin'ny aretim-pivalanana matetika dia ireo zaza tsy ampy sakafo.** Tsy ampy tanjaka ny vatan'izy ireo hiadiana amin'ilay aretina. Noho izany, mba hisorohana ny aretim-pivalanana dia tsy maintsy misoroka ny tsy fahampiansakafo ihany koa isika.

Ary nahoana ary no maro ireo zaza no mijaly amin'ny tsy fahampantsakafo?

- Satria ve ireo reny dia tsy mahalala ny sakafo izay tena ilaina indrindra (ohatra:ny fanomezana nono)?
- Satria ve tsy ampy vola na tany hamokarana ny sakafo ilainy ny fianakaviana?
- Satria ve mpanankarena vitsy no mifehy ny ankabeazan'ny tany sy ny harena?
- Satria ve tsy mampiasa ny tany na ny vola ananany amin'ny tokony ho izy ireo mahantre?
- Satria ve be loatra noho ny tokony ho velony ny isan'ny zaza ateraky ny ray aman-dreny, ary mbola mitohy miteraka ihany izy ireo?
- Satria ve very fanantenana ireo ray ary mandany ny vola kely ananany amin'ny zava-pisotro?
- Satria ve tsy mijery na mitsinjo ny hoa avy ny olona? Satria tsy tsapany fa raha miasa miaraka sy mifanakalo izy ireo dia afaka manova ny zava-misy iainany sy ahafatesany e?



**AMPIO NY HAFA HIJERY LAVITRA.**


Ho hitanareo fa maro, raha tsy izy rehetra, amin'ireo zavatra ireo no ao ambadiky fahafatesan'ny zaza eo amin'ny toerana misy anareo. Tsy isalaalàna fa hahita antony hafa koa ianareo.

Amin'ny maha mpiasan'ny fahasalamana anareo, dia anjaranareo ny manao izay ezaka rehetra ahatakaran'ny olona ireo antony ireo

Tadidio anefa fa: ny fisorohana ny fahafatesana matetika izay ateraky ny aretim-pivalanana dia mila zavatra lehibe kokoa noho ny lava-piringa, rano madio, ary 'zavapisotro manokana' (SRO). Ho hitanareo fa ny fanelanelanana ny fiterahana, fampiasana amin'ny tokony ho izy ny tany, ary ny fitsinjarana ara-drariny ny harena, ny tany, ary ny fahefana no tena zava-dehibe any aorianany.

Ny antony ao ambadiky ny aretina sy ny fijalian'ny olona dia ny tsy fijerenia lavitra sy ny fitiavam-bola. Raha liana amin'ny fahasalaman'ny vahoakanareo ianareo, dia tokony hanampy azy ireo hianatra hizara, hiasa miaraka, ary hijery lavitra.

#### ZAVATRA MARO MIFANDRAIKA AMIN'NY FIKARAKARANA FAHASALAMANA



Avy nojerentsika ny antony fototra mahatonga ny aretim-pivalanana sy ny tsy fahampian-tsakafo. Toy izany koa, ho hitanareo fa ny zavatra toy ny **famokarana sakaf**, **fitsinjarana ny tany, fampianarana, ny fomba fifampitondrana na fifanaovan-dratsy eo amin'ny tsirairay** dia ao ambadiky ny olona ara-pahasalamana isan-karazany.

Ny fitohitohizan'ireo antony mitarika fahafatesana avy amin'ny aretim-pivalanana. Raha toa ka liana amin'ny fahasalamana mandavan-taonan'ny fiaraha-monina manontolo ianareo, mila ampianareo ny olona hitady ny valin'ireo fantonaniana lehibe ireo.

Ny fahasalamana dia dia tsy midika ho tsy faharariana ihany. Izany dia midika fahasalaman'ny: vatana, saina, ary ny fiaraha-monina. Ny olona dia miaina tsara kokoa ao rehefa salama ny manodidina azy, amin'ny toerana misy fifampatokisana, miasa miaraka mba ahazoana ny zavatra ilaina andavan'andro, mifampizara ny mora sy ny sarotra, ary mifanampy amin'ny fianarana mivoatra sy miaina amin'izay azo atao.

Ataovy izay azonareo atao hamahaha ny olona isan'andro. Saingy tadidio fa ny asa lehibe indrindra ataonareo dia ny fanampiana ny fiaraha-moninareo hanany fahasalamana tsara kokoa sy toerana maha-te-honina anjakan'ny maha-olona misimisy kokoa.

Amin'ny maha mpiasan'ny fahasalamana anareo dia manana andraikitra lehibe ianareo.

Inona no tokony hanombohanareo azy?

## DINIHO TSARA NY FIARAHAN-MONINAREO

Satria notezaina tao anatin'ny fiaraha-moninareo ianareo ary mahafantatra tsara ny mponina, dia efa mahazatra anareo ny ankamaroan'ireo olana ara-pahasalamana manjo azy ireo. Saingy mba ahitana ny zava-misy rehetra dia mila mijery tsara ny fiaraha-moninareo amin'ny lafiny rehetra ianareo.

Amin'ny maha mpiasan'ny fahasalamana anareo, ny vainedohan-draharahanareo dia ny fahasalamana ny **olona rehetra**—fa tsy ireo izay olom-pantatra tsara ihany na ireo izay manantona anareo. Manantona ireo vahoakanareo. Tsidiho ny tranony, ny sahany, ny toeram-pivoriany, ary ny sekoliniy. Takaro ny hafaliany sy ny olany. Diniho miaraka amin'izy ireo ny fahazarany, ireo zavatra eo amin'ny andavanandrony izay mitondra fahasalamana tsara, ary ireo izay mety hitondra aretina na handratra.


Alohan'ny hanombahanareo sy ny fiaraha-moninareo tetik'asa na hetsika, eritrereto tsara ny zavatra mety ilaina amin'izany ary toy ny ahoana ny ho fiantraikan'izany. Mba hanaovanareo izany dia tsy maintsy jerenareo ireto manaraka **rehetra** ireto:

1. **Ny eritreretina fa ilaina**—izay heverin'ny olona fa olana lehibe ho azy ireo.
2. **Ny tena ilaina**—ireo dingana afaka ataon'ny olona mba hanitsiana ireo olana amin'ny fomba maharitra.
3. **Finiavana**—na fahavononan'ny olona hanao drafitra sy hanao ny dingana ilaina.
4. **Enti-manana**—ireo olona, fahaiza-manao, fitaovana, sy/na vola ilaina hanaovana ilay hetsika izay notapahina.

Raisintsika ho ohatra amin'ny maha zava-dehibe ireo nolazaina ireo dia andeha hataontsika hoe misy lehilahy mpifoka sigara be manantona anareo hitaraina mikasika ny kohaka manjo azy izay miha ratsy.



1. Ny eritreretiny fa ilainy dia ny hanafoanana ilay kohaka. dia ny fialana amin'ny sigara.



2. Ny tena ilaina (fanitsiana ny olana)



3. Ny fanafohanana io kohaka io dia mila ny **finiavany** hiala amin'ny sigara. Amin'izany dia mila takany hoe hatraiza ny maha zava-dehibe izany.



4. Ny **enti-manana** izay mety hanampy azy hiala amin'ny sigara dia ny fampahalalana mikasika ny loza aterak'io ho azy sy ny ankohonany (jereo p. 149). Ny anankiray hafa dia ny fanohanana sy ny famporisihina avy amin'ny havany, ny namany, ary avy aminao.

## Fitadiavana ireo zavatra ilaina

Amin'ny maha mpiasan'ny fahasalamana anareo dia ny ilainareo voalohany indrindra dia ny mijery ny olana ara-pahasalamana manan-danja indrindra ho an'ireo mponina, sy ny olana lehibe indrindra mianjady amin'izy ireo.

Manangona ireo zavatra tokony ho fantatra ilaina amin'ny fanapahana ny filàna goavana indrindra sy ireo tena olana, mety hanampy amin'ny fanaovana lisitry ny fanontaniana izany.

Ny pejy roa manaraka dia misy ny santionan'ireo zavatra mety tianareo hanontaniana. Saingy eritrereto ny fanontaniana izay manan-danja eo amin'ny **faritra misy anareo**. Mameatraha fanontaniana izay sady hanampy anareo halala bebe kokoa no hanampy ireo olona hametraka fanontaniana manan-danja ihany koa.

Aza atao lava loatra na sarotra loatra ny lisitry ny fanontanianareo—indrindra fa ny lisitra izay entinareo mitety trano. Tadidio fa **ny olona dia tsy isa** ary tsy tia jerena toy ny isa. Rehefa manangona ireo zavatra tokony ho fantatra ianareo dia ataovy azo antoka fa ny mahaliana anareo voalohany dia izay ilaina sy eritreritr'ireo olona. Tsara kokoa aza angamba ny tsy mitondra lisitra misy fanontaniana. Fa amin'ny alalan'ny fandinhana ireo zavatra ilain'ny fiaraha-moninareo dia mila mihazona fanontaniana fototra vitsivitsy ao an-tsainao ianareo.



## Lisitry ny Santionan'ireo Fanontaniana



Hanampiana Hamantarana ny Zavatra llain'ny Fahasalamana'ny Fiaraha-monina sy Hamantarana ny ao An-dohan'ny Olona Ihany Koa



### IREO ERITRERETINA FA ILAINA

Inona ireo zavatra eo amin'ny andavanandron'ny mponina (fepetra iainana, fomba fanaovan-javatra, finoana, sns.) izay eritreretin'izy ireo fa manampy azy ho salama?

Inona no neverin'ireo olona ho olana lehibe indrindra eo amin'izy ireo, ny fanahiana, ary ny zavatra ilainy—tsy ny mikasika ny fahasalamana ihany fa amin'ny ankapobeny?



### TRANO SY FAHADIOVANA



Vita amin'ny inona avy ireo trano? Rindrina? Gorodona? Madio ve ireo trano? Eo amin'ny tany ve no mahandro sakafo sa aiza? Ahoana ny fomba amoahana ny setroka? Amin'ny inona ny olona no matory?

Olana ve ny lalitra, parasy, kongona, voalavo, na ny bibikely hafa? Amin'ny endrinhy ahoana? Inona ny atao'ny olona hamehezana izany? Inona ny afaka atao hafa?

Voaaro ve ny sakafo? Ahoana ny fomba hiarovana azy tsara kokoa?

Inona ny biby (alika, akoho, kisoa, sns.), raha misy, avela miditra ao an-trano? Inona ny olana aterak'izy ireo?

Inona ny aretina mpahazo ireo biby? Ahoana ny fomba fiantraikan'izany amin'ny fahasalamana'ny olombelona? Inona ny atao amin'izany aretina izany?

Aiza ny ankohonana no maka rano? Azo sotroina tsara ve izany? Inona ny fepetra raisina?

Firy ny isan'ireo tokantrano no manana lava-piringa? Firy ny mampiasa izany amin'ny tokony ho izy?

Madio ve ny tanàna? Aiza ny fasian'ny olona ny fako? Nahoana?



### MPONINA



Firy ny isan'ny olona ao anatin'ny fiaraha-monina? Firy amin'ireo no latsaky ny 15 taona?

Firy no mahay mamaky teny sy manoratra? Tsara ve ny fampiararana?

Mampianatra ny ankizy ny tokony ho fantany ve ny sekoly? Inona koa ny zavatra hafa ianaran'ny ankizy?

Firy ny isan'ny zaza teraka tamin'ity taona ity? Firy ny isan'ny olona maty? Inona ny antony nahafaty azy? Firy taona? Afaka nosorohina ve ny fahafatesan'izy ireo? Tamin'ny fomba ahoana?

Nihabetsaka sa nihena ve ny mponina (ny isan'ny mponina)? Miteraka olana ve izany?

Matetika narary ve ny olona isan-karazany tamin'ny taona lasa? Firy andro ny faharetan'ny aretina tsirairay? Inona ny aretina na ratra nahazo ny tsirairay? Nahoana?

Firy ny olona manana aretina mitaiza azy (maharitra ela)? Inona izany?

Firy ny isan'ny zanaka ateraky ny ankabeazzan'ireo ray aman-dreny? Firy ny isan'ny zaza maty? Inona ny antony? Firy taona? Inona ny sasany amin'ireo antony fototra?

Firy ireo ray aman-dreny liana amin'ny tsy hiterahana intsony na ny tsy te hiteraka misesisesy be? Inona ny antony? (Jereo ny Fandrindram-piterahana, p. 283.)

## SAKAFO




Firy ny isan'ireo reny manome nono ny zanany? Mandritra ny hafiriana?  
Salama kokoa noho ireo tsy omena nono ve ireo zaza ireo? nahoana?  
Inona ny foto-tsakafo hanin'ny olona? Avy aiza izany? Mampiasa amin'ny tokony ho izy ireo sakafo misy ve ny olona?  
Firy ny isan'ireo zaza tsy ampy lanja (p. 109) na maneho famantaranana tsy fahampian-tsakafo? Hatraiza ny fahafantarana'ireo ray aman-dreny sy ireo ankizy miditra antsekoly ny filàna ara-tsakafo?  
Firy ny isan'ireo olona mifoaka sigara be? Firy ny isan'ny mpisotro zava-pisotro misy alikaola na koa tsy mahamamo matetika indrindra? Inona ny fiantraikan'izany eo amin'ny fahasalamana'izy ireo sy ny ankohonany? (Jereo p. 148 hatramin'ny 150.)

## TANY SY SAKAFO



Mamokatra sakafo ampy ho an'ny fianakaviana tsirairay ve ny tany?  
Hatramin'ny oviana io no hanohy hamokatra sakafo raha toa ka tsy mitsahatra mitombo ny ankohonana? Ahoana ny fomba fitsinjarana ny tany famokarana? Firy ny isan'ny olona tompon'ny taniny?  
Inona ny ezaka natao mba hanampiana ny tany hamokatra bebe kokoa?  
Ahoana ny fomba fitehirizana ny vokatra sy ny sakafo? Misy fahasimbana na fahaverezana be ve? Nahoana?

## FITSABOANA, FAHASALAMANA



Inona ny anjara andraikity ny mpampivelona sy mpitsabo eo amin'ny fitandroana ny fahasalamana?  
Inona ireo fomba fanasitranana sy fanafody nentim-paharazana ampiasaina?  
Inona amin'ireo no manan-danja tokoa? Mety misy manimba na mampidi-doza ve?  
Inona ny tolotra ara-pahasalamana akaiky? Tsara ve izany? Ohatrinona ny sarany?  
Ampiasaina foana ve izany?  
Firy ny isan'ireo ankizy vita vaksiny? Hiadiana amin'ny aretina inona?  
Inona ireo fepetra fisorohana hafa noraisina? Inona no hafa azo raisina? Hatraiza ny maha zava-dehibe izany?

## FANAMPIANA NY TENA



Inona ireo zavatra lehibe izay manana fiantraikany eo amin'ny fahasalamana sy ny fiadanan'ny olona—amin'izao sy amin'ny ho avy?  
Firy amin'ireo aretina mpahazo ny olona no afaka sitranin'ireo olona amin'ny alalan'ny tenan'izy ireo ihany? Im-piry izy ireo no tsy maintsy miantehitra amin'ny fanampiana ivelany sy fanafody?  
Mahaliana ny olona ve ny ahita fomba ahafahana manao ny fiahiana ny tena ho azo antoka kokoa, mandaitra kokoa ary feno kokoa? nahoana? Ahoana ny fomba hianaran'izy ireo bebe kokoa? Inona ny sakana ho amin'izany?  
Inona ny zon'ireo mpanankarena? Ny an'ireo mahantre? Ny an'ny lehilahy? Ny an'ny vehivavy? Ny zon'ireo ankizy? Ahoana ny fomba fitondrana ireo vondrona tsirairay ireo? Nahoana? Rariny ve izany? Inona ny tokony ovaina? Iza no tokony manova izany?  
Amin'ny fomba ahoana?  
Miara-miasa ve ireo olona mba hahazoana ny zavatra ilaina iombonana? Mifampizara ve na mifanampy ve ireo olona rehefa tena lehibe ny ilana izany?  
Inona no afaka atao mba hahatonga ny tanànareo ho toerana maha-te-honina kokoa, mahasalama kokoa? Aiza no mety hanombohanareo sy ny vahoakanareo izany?

## MAMPIASA IREO ENTI-MANANA EO AN-TOERANA MBA HAHAZOANA IZAY ILAINA

Miankina amin'ny zava-misy enti-manana ny hiatrehanareo ny olana.

Ny hetsika sasany dia mila enti-manana avy any ivelany (fitaovana, vola, na olona avy amin'ny toeran-kafa). Ohatra: ny tetik'asa fanaovam-baksiny dia tsy afaka tanterahina raha tsy mitondra vaksiny—matetika avy any amin'ny firenena hafa.

Ny hetsika hafa dia azo tanterahina feno miaraka amin'ny enti-manana eo an-toerana. Ny fianakaviana iray na vondron'ny mpifanolo-bodirindrina dia afaka mamefy lava-drano na manangana lava-piringa tsotra amin'ny alalan'ny fitaovana eo an-toerana.

Ireo enti-manana sasany, toy ny vaksiny sy fanafody lehibe vitsivitsy dia mety mampiova be dia be tokoa ny fahasalaman'ny olona. Tokony manao izay azo atao ianareo hahazoana azy ireny. Raha ny tokony ho izy, ny tsara indrindra tokony atao ho an'ny tombontsoan'ny vahoaka dia ny

### Mampiasa ny enti-manana eo an-toerana raha mbola azo atao.

Arakaraky ny ahavitanareo-tena be ho anareo sy ireo vahoakanareo dia hihena ny fiankinanareo amin'ny fanampiana sy fitaovana avy any ivelany ary dia ho tonga salama kokoa sy matanjaka kokoa ny fiaraha-moninareo.

Tsy vitan'ny hoe azonareo atao tsara ny mampiasa ny enti-manana eo an-toerana rehefa ilainareo, fa matetika ihany koa dia mahavita ny asa tsara ireo amin'ny vidiny ambany. Ohatra: raha afaka mamporisika ireo reny ianareo hanome nono ny zanany, dia hanangana fizakan-tena amin'ny alalan'ny enti-manana eo an-toerana tena tsara kalitao izany—ronono avy amin'ny nonon-dreny! Hisoroka aretina sy fahafatesan'ny zaza maro amin'ny tsy antony izany.

Tadidio hatrany eo amin'ny asanao ireto:

Amporisihio ny olonareo hampiassa hatrany ny enti-manana eo an-toerana.



**NONON-DRENY—ENTI-MANANA EO AN-TOERANA TENA TSARA KALITAO—TSARA NOHO IZAY REHETRA VOAVIDIM-BOLA!**

**Ny enti-manana saobidy indrindra ho an'ny fahasalaman'ny olona dia ny olona ihany.**

## MANAPA-KEVITRA NY AMIN'NY TOKONY ATAO SY NY FANOMBOHANA AZY

Rehefa avy njery tsara ireo filàna sy ireo enti-manana, ianareo sy ireo vahoakanareo dia tsy maintsy manapaka hoe inona no manan-danja indrindra ary inona no atao voalohany. Afaka manao zavatra isan-karazany ianareo hanampiana ny olona ho salama. Ny sasany dia hanan-danja eo no ho eo. Ny hafa kosa dia hanampy hamantatra ny ho avin'ny fahasalaman'ny tsirairay na ny fiaraha-monina manontolo.

Amin'ny tanàna maro, ny tsy fahampian-tsakafo dia manampy trotraka amin'ny olana ara-pahasalamana hafa. **Tsy afaka ho salama ny olona raha tsy ampy ny sakafonina.** Na inona na inona olana hafa no fidianareo hovahana, raha noana ny olona na tsy ampy sakafonina zaza, aleo dia ny sakafonina no ataonareo vaindohan-drahara.

Misy fomba maro ahafahana mijery ny olana ara-tsy fahampian-tsakafo, satria lafin-javatra maro samihafa no mitambatra mahatonga azy io. Ianareo sy ny fiaraha-moninareo dia tokony mijery ny hetsika azonareo atao ary manapaka hoe iza amin'ireo no handaitra kokoa.


Ireto misy ohatra vitsivitsy amin'ny fomba nataon'ny olona sasany nanampiana ny filàn'izy ireo amin'ny resaka sakafonina kokoa. Nisy hetsika izay nahitana vokatra haingana tokoa. Ny sasany dia naka fotoana lavalava vao nandaitra. Ianareo sy ny vahoakanareo dia tsy maintsy manapaka hoe inona no handaitra kokoa eo amin'ny toerana misy anareo.

### IREO FOMBA METY HANDAITRA KA HITONDRA HO ANY AMIN'NY FAHAMPIAN-TSAKAFO

ZARIDAINA HO AN'NY  
TOKANTRANO




LAVAKA  
MANODIDINA mba  
hiarovana ny tany tsy  
hihotsaka



### FANOVAOVANA NY VOLY

Isaky ny fiovan'ny vanim-potoana fambolena dia voleo voly izay mamerina ny tanjany ny tany—ohatra hoe tsaramaso, pitipoà, voanemba, *alfalfa*, voanje na voly hafa misy voany mifono (legioma).




Amin'ity taona ity katsaka




Amin'ny erin-taona tsaramaso

**FOMBA HAFA MITONDRA HO ANY AMIN'NY FAHAMPIAN-TSAKAFO**


**FITARIHAN-DRANO HO AN'NY TANY**




**FIOMPIANA TRONDRO**



**FIOMPIANA TANTELY**




**ZEZIKA NATORALY**



Zezika miangona

**FITEHIRIZAN-TSAKAFO TSARA KOKOA**



tongony vita  
amin'ny vy  
tomba  
hanalavirana  
ny voalavo

**FIANAKAVIANA VITSY MPIKAMBANA KOKOA NOHO NY FANDRINDRAM-PITERAHANA (p. 283)**



## MANANDRANA HEVITRA VAOVAO

Tsy ny soso-kevitra ao anatin'ny pejy teo aloha rehetra no handaitra eo amin'ny faritra misy anareo. Mety hahomby ny sasany raha toa ka ovaina manaraka ny zava-misy sy ny entimanana manokana ananana. Matetika dia tsy fantatratra raha mahomby ny zavatra iray na tsia raha tsy andramana. Izany hoe amin'ny alalan'ny fanandramana.

Rehefa manandrana hevitra iray ianareo dia **antombohy amin'ny zavatra kely aloha**. Raha miantomboka amin'ny zavatra kely ianareo ka tsy mandaitra ny fanandramana na koa misy zavatra tokony atao amin'ny fomba hafa dia kely ny fatiantokareo. Raha mahomby izany, dia ho hitan'ny olona fa mety, dia hampiariny amin'ny fomba lehibe kokoa.

Aza kivy raha tsy mandaitra ny andrana iray. Avereno ny andrana ary ovay raha misy zavatra tokony ovaina. Afaka mahazo lesona avy amin'ny tsy fahombiazana na ny fahombiazanareo ianareo. Fa atombohy amin'ny zavatra kely.

Indro misy ohatra amin'ny fanandramana hevitra vaovao iray.

Nianaranareo fa misy ny karazana voamaina, toy ny sojà, izay tena sakafo tsara tokoa amin'ny fitaizam-batana. Mety haniry eo amin'ny toerana misy anareo anefa ve izany? Ary raha maniry izany dia hihinana izany ve ny olona?


Atomboy amin'ny fambolena eo amin'ny tany kely aloha izany—faritra kely 2 na 3 izay manana fepetra samihafa eo amin'ny lafiny karazan-tany sy rano. Raha vokatra tsara izany dia andramo andrahoy amin'ny fomba isan-karazany ary jereo raha hihinana izany ny olona. Raha mihinana izy ireo dia manandrama mamboly voamaina bebe kokoa amin'ny fepetra hitanareo fa nahafahany naniry tsara. Saingy andramo ihany ny mamboly amin'ny fepetra hafa eo amin'ny tany kely ahitanareo raha afaka mbola mahazo vokatra bebe kokoa ianareo.

Mety misy fepetra maro ilainareo ezahana ovaina. Ohatra: ny karazana tany, ny fanampiana zezika, ny fatran'ny rano, na ny karazana voa. Mba hahatakarana bebe kokoa ny manampy sy ny tsia dia ataovy azo antoka tsara ny manova fepetra **iray isaky** ny mandeha ary tsy manova ny hafa.

Ohatra: mba ahafantarana fa ny zezika avy amin'ny biby dia manampy ny voa haniry, ary toy inona ny fatra ampiasaina, mambole voa eo amin'ny tany kely mifanakaiky, amin'ny fepetra mitovy eo amin'ny lafiny rano sy masoandro, amin'ny alalan'ny fampiasana voa mitovy. Saingy alohan'ny ambolenareo izany dia afangaroy miaraka amin'ny zezika samy hafa fatra ny tany kely tsirairay, toy izao:



Atomboka amin'ny kely



Io andrana io dia maneho fa misy fatran'ny zezika manampy saingy raha be loatra dia mety manimba ny voly. Ohatra fotsiny io. Ny andrana ataonareo dia mety hanome vokany isan-karazany. Andramonareo anie e!

## MIASA HO AN'NY FIFANDANJANA EO AMIN'NY OLONA SY NY TANY

Miankina amin'ny zavatra maro ny fahasalamana, fa mialohan'ny zavatra rehetra dia miankina amin'ny fahampian'ny sakaf hohanin'ny olona izany.

Ny ankabeazan'ny sakaf dia avy amin'ny tany. Ny tany izay ampiasaina tsara dia afaka mamokatra sakaf betsaka kokoa. Ny mpiasan'ny fahasalamana dia mila mahafantatra ny fomba hanatsaràna ny tany hahavoky kokoa ny olona—ankehitriny sy amin'ny ho avy. Saingy na ny ampanhan-tany ampiasaina tsara aza dia tsy ampy hahavoky afa-tsy isan'olona vitsy ihany. Ary amin'izao fotoana izao dia **maro amin'ireo mpamboly no tsy manana tany ampy araky ny filàn'zy ireo na hijanona ho salama**.

Amin'ny faritra maro maneran-tany, miharatsy ny zava-misy fa tsy mihatsara. Matetika dia manan-janaka maro ireo ray aman-dreny, ka isan-taona dia mitombo hatrany ny vava mihinana amin'ilay tany voafetra ampiasain'reeo mahantra.

Maro ireo tetik'asa ara-pahasalamana no miezaka miasa ho an'ny fifandanjàna eo amin'ny tany sy ny olona amin'ny alàlan'ny 'fandrindram-piterahana', na manampy ireo olona hanana ny isan-jaza izay ilainy. Hoy ny fisainan'zy ireo hoe ny fianakaviana vitsy anaka dia midika fa manana tany lehibe kokoa sy sakaf betsaka kokoa. Saingy tsy misy vokany firy ny famporisihina fandrindram-piterahana. Raha mbola mahantra be hatrany ny olona dia matetika izy ireo no te hiteraka maro. Manampy amin'ny asa ireo ankizy ary tsy ilaina ny manome karama azy ireo, ary rehefa miha lehibe izy ireo dia mety hitondra vola kely mody ao an-trano. Rehefa mihà-antitra ireo ray aman-dreny, ny sasany amin'ireo zanany—na zafikeliny—dia mety afaka hanampy hikarakara azy ireo.


Ho an'ny tany mahantra, ny fanana zanaka maro dia mety ho loza ara-ekonomika. Saingy ho an'ny fianakaviana mahantra, ny fananana zanaka maro dia matetika filàna ara-ekonomika—indrindra rehefa betsaka ny maty tanora. Eran-tany amin'izao fotoana izao, **ho an'ny ankabeazan'ny olona, ny fananana zanaka maro dia endriky ny antoka ara-tsosialy azo iantehlerana indrindra azon'zy ireo antenaina**.

Misy vondrona sy tetik'asa sasany izay manana fomba fiasa hafa. Manaiky izy ireo fa misy ny hanoanana, tsy noho ny velaran-tany kely loatra ka tsy ampy hamokarana sakaf ho an'ny rehetra, ary noho ny ankabeazan'ny tany izay fehezin'olom-bitsy izay tia-tena. Ny fifandanjana tadiavina dia ny fitsinjarana ara-drariny ny tany sy ny harena. Miasa ireo vondrona sy tetik'asa ireo mba hanampiany ny olona hanana fifehezana bebe kokoa ny fahasalamany, ny taniny ary ny fiainany.

Voaporofa fa any amin'ny toerana izay voazara ara-drariny ny tany sy ny harena dia miakatra sy milamina kokoa ny fari-piainan'ny mponina, ary mazàna izy ireo dia mifidy ny tsy hiteraka maro. Ny fandrindram-piterahana dia manampy rehefa tena safidin'ny olona izany. Ny fifandanjana eo amin'ny mponina sy ny tany dia afaka tratrarinna kokoa amin'ny alalan'ny fanampiana ny olona hiasa ho amin'ny fizaràna ara-drariny ny tany sy ny harena, fa tsy amin'ny alalan'ny fandrindram-piterahana irery ihany.

Voalaza fa ny dikany ara-piaraha-monina ny teny hoe fitiavana dia fahamarinana. Ny mpiasan'ny fahasalamana izay tia ny mponina dia tokony manampy azy ireo hiasa ho an'ny fifandanjana mifototra amin'ny fizarana ny tany sy harena ara-drariny kokoa.

NY HALEHIBEN'NY  
TANY VOAFETRA  
DIA TSY AFAKA  
MAMELONA AFA-TSY  
ISAN'OLONA VOAFETRA



NY FIFANDANJANA  
MAHARITRA EO AMIN'  
NY OLONA SY NY TANY  
DIA TSY MAINTSY  
MIANKINA AMIN'NY  
FIZARANA ARA-DRARINY

Ny fifandanjana eo amin'ny fisorohana sy ny fitsaboana dia matetika fintinina amin'ny fifandanjana eo amin'ny filàna eo no ho eo sy ny filàna maharitra.

Amin'ny maha mpiasany fahasalamana anareo dia tsy maintsy manantona ny vahoaka ianareo, miara-miasa amin'izy ireo amin'ny ezaka ataony ary manampy azy ireo hitady vaha-olana ny amin'ny filàna izay tsapan'izy ireo indrinda. Ny olan'ny olona voalohany matetika dia ny fahitana fanafana ho an'ny aretina sy ny jaly. Noho izany, **anisan'ny asanareo voalohany dia tsy maintsy manampy amin'ny fansisitrana**.

Fa mijere lavitra ihany koa. Mandritra ny fiahiana ny filàn'ny olona eo no ho eo dia ampio ihany koa izy ireo hijery ny ho avy. Ampio izy ireo hahatsapa fa maro ny aretina sy fijaliana no azo sorohana ary azon'izy ireo atao ny manao ezaka hisorohana izany.

Saingy tandremo! Matetika ny mpandrindra sy mpiasany fahasalamana dia lasa lavitra loatra. Ao anatin'ny hafanam-pon'izy hanao ezaka ho fisorohana ireo aretina ho avy dia lasa tsy miraharaha firy ny aretina sy fijaliana efa misy izy ireo. Raha toa ka tsy mamaly ny filàn'ny olona dia tsy ho vitan'izy ireo ny hahazo ny fiaraha-miasan'ny mponina. Ary dia tsy tanterak'izy ireo ihany koa ny ampahany betsaka amin'ny asa fisorohana.

**Ny fitsaboana sy ny fisorohana dia miara-dalana.** Ny fitsaboana dieny mialoha dia misoroka ny aretina malefaka tsy hihombo. Raha manampy ireo olona hamantatra ny olana ara-pahasalamana mateti-pitranga maro sy ny fomba fitsaboana izany dieny mialoha ianareo, ho maro ireo fijaliana tsy ilaina no ho voasoroka ao antokan-tranony.

**Ny fitsaboana dieny mialoha dia endrika fisorohana**

Raha mila ny fiaraha-miasa avy amin'izy ireo ianareo dia **atombohy eo amin'ny toerana misy azy ireo izany**. Miasa ho amin'ny fampitovina lanja

ny fisorohana sy ny fitsaboana izay azo ekena ho azy ireo. Izany fifandanjana izany dia ho hita tokoa amin'ny fihetsiky ny olona manoloana ny aretina, fitsaboana, ary ny fahasalamana. Rehefa manampy azy ireo hijery lavitra ianareo, rehefa miova ny fihetsik'izy ireo, ary rehefa maro ireo aretina izay voafehy, dia ho hitanareo fa hifindra ho azy mankany amin'ny fisorohana ny fifandanjana.

Tsy afaka milaza amin'ny reny izay manan-janaka marary ianareo fa ny fisorohana dia lehibe kokoa noho ny mitsabo. Aza miteny izany raha tianareo hihaino anareo izy. Saingy afaka milaza aminy ianareo mandrtry ny fotoana anampianareo azy mikarakara ny zanany fa samy zava-dehibe na ny fisorohana na ny fitsaboana.

**Miasà ho amin'ny fisorohana—aza terena izany.**

**Ampiasao ny fitsaboana ho varavarana mankany amin'ny fisorohana.** Amisan'ny ireo fotoana tsara indrindra hiresahana amin'ny olona mikasika ny fisorohana dia rehefa tonga mitady fitsaboana izy ireo. Ohatra, raha misy reny mitondra ny zanany misy kankana, azavao moramora aminy ny fomba hitsaboana azy. Fa makà ihany koa fotoana hanazavana amin'ilay reny sy ilay zaza ny fomba fihanaky ny kankana sy ireo fomba isankarazany azon'izy ireo atao mba hisorohana izany tsy hitranga (jereo ny Toko 12). Tsidiho ny tranon'izy ireo indraindray, tsy hijery ny lesoka, fa hanampy azy ireo amin'ny fikarakaran-tena mandaitra kokoa.

**Ampiasao ny fitsaboana hanararaotana hampianarana ny fisorohana.**

## FAMPIASANA SAROPADY SY MISY FETRANY NY FANAFODY

Iray amin'ireo sarotra sy manan-danja indrindra amin'ny fisorohana ny fampianarana ny olona mikasika ny fampiasana saropady sy misy fetrany ny fanafody. Misy fanafody moderina vitsivitsy izay manan-danja tokoa ary afaka mamonjy aina. Saingy **ho an'ny ankabeazan'ny aretina dia tsy mila fanafody**. Ny vatana ihany matetika dia afaka miady amin'ny aretina amin'ny alalan'ny fakana aina, fisakafoanana tsara, fisottoana rano betsaka, ary angamba fanafody tsotsotra natao tao an-trano.

Mety ho avy angataka fanafody aminareo ny olona rehefa ilainy izany. Mety halaim-panahy ianao hanome fanafody mba ahafaly azy. Saingy raha manao izany ianareo, rehefa sitrana izy hihevitra fa ianareo sy ilay fanafody no nahasitrana azy. Ny tena marina dia ny vatany ihany no nanasitrana azy.

Aleo tsy mampianatra ny olona hiankin-doha amin'ny fanafody tsy mahasoa azy, fa manazava aminy kosa **ny antony** tsy tokona hampiasàny izany. Lazao amin'ny olona ihany koa **ny azon'izy ireo atao izy tenany** mba hahasitrana azy.

Amin'izay ianareo dia hanampy ny olona hiankina amin'ny enti-manana eo an-toerana (izy tenany), fa tsy amin'ny enti-manana ivelany (fanafody). Ianareo ihany koa dia miaro ny fahasalam'an'izy ireo satria **tsy misy fanafody izay tsy mampidi-doza ny fampiasana azy**.



Ireo trangan'aretina mahazatra telo izay matetika itadiavan'ny olona fanafody nefá tsy ilainy akory dia (1) ny sery mahazatra, (2) ny kohaka madinika, ary (3) ny aretim-pivalanana.

Ny **sery mahazatra dia** voatsabo kokoa amin'ny alalan'ny fakàna aina, ny fisottoana rano betsaka ary ny fihinanana aspirinina farafahabeny. Ny Penicillin, tetracycline, na antibiotika hafa dia tsy manampy mihitsy (Jereo p. 163).

Ho an'ny **kohaka madinika**, eny fa na dia kohaka be misy rehoka matevina na harerahana be aza ,dia manampy hampadranoka ny rehoka ary hanamaivana ny kohaka haingana ny fisottoana rano betsaka sady tsara noho ny sirop. Ny fievohana dia manamaivana tokoa (jereo p. 168). Aza atao miankin-doha amin'ny sirop ho an'ny kohaka na fanafody hafa tsy ilain'izy ireo ny olona.

Ho an'ny ankabeazan'ny **aretim-pivalanana** mahazo ny ankizy, tsy mahasitrana azy ny fanafody. Ny fanafody mahazatra maro (neomycin, streptomycin, kaolin-pectin, Lomotil, chloramphenicol) aza dia mety hampidi-doza. **Ny zava-dehibe indrindra dia ny fanomezana** rano betsaka ary sakafy tsara ny zaza (jereo p. 155 to 156). **Ny fanalahidin'ny fahasitranan'ny zaza dia ny reny, fa tsy ny fanafody**. Raha afaka manampy ireo reny hahazo izany ary hianatra ny tokony atao ianareo dia maro ny ain'ny zaza ho voaavotra.

Matetika dia ampasaina'ny dokotera sy ny olon-tsotra be loatra ny fanafody. Mampalahelo izany noho ny antony maro:

- Fandanindiam-bola foana izany. Ny ankamaroan'ny vola lany amin'ny fanafody dia tokony nampiasaina tamin'ny fividianana sakafo.

- Mahatonga ny olona hiankin-doha amin-javatra tsy ilainy izany (ary matetika tsy takatry ny volany).

- Ny fanafody rehetra dia mety misy fiantraikany ratsy ny fampiasana azy. Misy hatrany ny tranga hoe fanafody tsy nilaina kanefa mety nampidi-doza ilay olona.

- Ankoatra izay, raha zatra nampiasaina matetika tamin'ny aretina tsy sarotra ny fanafody sasany dia ho very ny herin'izany rehefa ampasaina fitsaboana ny aretina tena tsarotra any aoriana.

Ohatra amin'ny fanafody izay very hery dia ny chloramphenicol. Ny fampiasana diso tafahoatra io antibiotika mahery sady mety mampidi-doza io ho an'ny aretina tsy mahery, dia tonga dia tsy mandaitra intsony amin'ny fitsaboana ny tefoedra izay areti-mandoza tokoa izany amin'ny toerana sasany maneran-tany. Noho ny fampiasana matetika loatra ny chloramphenicol dia zatra ary tsy resy intsony ny tsimok'aretina mitondra ny tefoedra(jereo p. 58).

Noho ireo antony rehetra eo ambony ireo, dia tokony ho ferana ny fampiasana fanafody.

Fa amin'ny fomba ahoana? Na ny fitsipika sy famerana henjana, na ny fanomezan-dalana ireo olona efa voaofana manokana hanapa-kevitra mikasika ny fampiasana ny fanafody dia samy tsy nahasakana ny fampiasana be loatra ny fanafody. Rehefa nampahalalàna tsara ny olona dia izay ihanany ny fetra sy fampiasana amim-pitandremana ny fanafody vao handaitra.

**Ny mampianatra ny olona mikasika ny maha-saro-pady ny fampiasàna fanafody sy ny famerana izany, no anisan'ny andraikitra lehibe indrindra ho an'ny mpiasan'ny fahasalamana.**

Tena marina izany any amin'ny toerana izay ampasana betsaka kokoa ny fanafody moderina.



**REHEFA TSY ILAINA NY FANAFODY DIA MAKANIA FOTOANA MANAZAVA NY ANTONY.**

Raha mila fanazavàna bebe kokoa mikasika ny fampiasàna amin'ny fomba mety na tsy mety ny fanafody dia jereo ny Toko 6, pejy 49. Ho an'ny fomba fampiasana mety na tsy mety ny tsindrona, jereo ny Toko 9, pejy 65. Ho an'ny fampiasana saropady ny fanafody natao tao an-trano, jereo ny Toko 1.

## MIJERY NY FIVOHARANA IZAY VITA (TOMBANA)

Indraindray eo amin'ny asa ara-pahasalamana ataonareo, dia manampy ny mijery tsara hoe **inona** ary **hatraiza** ny fahombiazan'ny zavatra nataonareo sy ny mponina. Inona ny fanovàna, raha nisy, izay natao hanatsaràna ny fahasalamana sy ny fiainan'ny fiaraha-moninareo?

Mety ilainareo ny handraikitra an-tsoratra isam-bolana na isan-taona ny hetsika ara-pahasalamana izay azo norefesina. Ohatra:

- Firy ireo fianakaviana nanangana lava-piringa?
- Firy ireo tantsaha nandray anjara tamin'ireo hetsika hanatsaràna ny tany famokarana sy ny vokatr'izy ireo?
- Firy ireo reny sy zaza nandray anjara tamin'ny *Under-Fives Program* (fizaham-pahasalamana tsy tapaka sy fianarana)?

Io karazana fanontaniana io dia hanampy anareo handrefy **ny hetsika natao**. Fa mba ahazoana mandrefy ny vokany na ny **fiantraikan'**ireo hetsika ireo teo amin'ny fahasalamana, dia mila valinareo ireo fanontaniana toy ny hoe:

- Firy ireo zaza voan'ny aretim-pivalanana na nisy fambara fa misy kankana tamin'ny volana na taona lasa —raha oharina amin'ny talohan'ny nisian'ny lava-piringa?
- Nanareo ahoana ny vokatra tamin'ity vanin-taona ity (katsaka, voamaina, na vokatra hafa)— raha oharina amin'ny talohan'ny nampiasana ireo fomba natsaraina?
- Firy ireo zaza manana lanja ara-dalana na nahazo lanja eo amin'ny Tabilaon'ny Fahasalamana Zaza (jereo p. 297)— raha oharina amin'ny fotoana nanombohana ny Under-Fives Program?
- nihena noho ny taloha ve ny taham-pahafatesan'ny zaza?

Mba ahafahana mitsara ny fahombiazan'ny hetsika iray dia mila manangona ny tokony ho fantatra mikasika ny teo aloha sy ny aty aoriania ianareo. Ohatra: raha te hampianatra ireo reny mikasika ny halehiben'ny fanomezana nono ny zanany ianareo dia mila fantarinareo ny isan'ireo reny manao izany. Avy eo dia atombohy ny tetik'asa fampianarana ary makà isa hafa isan-taona. Amin'izay dia ho fantatrao tsara ny fiantraikan'ny fampianarana nataonareo.

Mety mila mametraka tanjona ianareo. Ohatra, ianareo sy ny komitim-pahasalamana dia mety hanantena fa ny 80%- n'ireo fianakaviana dia hanana lava-piringa hatramin'ny faran'ny taona. Manisa ianareo isan-taona. Raha tapitra ny enim-bolana ka vao iray ampahan-telon'ny fianakaviana rehetra no manana lava-piringa dia fantatrareo fa tokony hiasa mafy kokoa ianareo hahatratraranareo ny tanjona napetrakareo ho anareo.

**Ny mametraka tanjona dia matetika manampy ny olona hiasa mafy kokoa mba hahavita zavatra betsaka.**

Mba hanombanana ny vokatry ny hetsika ara-pahasalamana nataonareo dia manampy ny fanisana sy fandrefesana zavatra sasany **taloha, mandritra** ary **taoriania** izany.

Saingy tadidio: **ny tena ampahany lehibe indrindra amin'ny asa ara-pahasalamana dia tsy azo refesina**. Misy idiran'ny fomba fifandraisanareo sy ny olonareo izany; ny olona nianatra sy niara-niasa; ny fitomboan'ny hatsarampanahy, andraikitra, fifampizarana, ary ny fanantenana. Miankina amin'ny fitombon'ny hery sy ny firaisan-kinan'ny olona hijoro ho an'ny zo fototr'izy ireo izany. Saingy lanjalanjao tsara izany rehefa mijery ny fanovàna natao ianareo.

## MAMPIANATRA ARY MIARA-MIANATRA— NY MPIASAN'Y FAHASALAMANA KOA DIA MPANABE

Arak'izay efa hitanareo dia maro ireo zavatra misy fiantraikany eo amin'ny fahasalamana, ka mety hihevitra ianareo fa toa tsy ho vita izany asan' ny mpiasan'ny fahasalamana izany. Marina izany, tsy hahavita firy ianareo raha hiezaka hiahy ny fahasalamana irery.

**Tsy misy afatsy ny fandraisana andraikitra mavitriky ny tsirairay  
ho tompon'andraikitry ny fahasalamana'ny tenany sy ny an'ny  
fiaraha-monina no hitondra fiovàna**

Ny fahasalamana'ny fiaraha-moninareo dia miankina amin'ny fivoaran'ny olona rehetra fa tsy olona iray ihany. Mba hisian'izany dia mila zaraina ny andraikitra sy ny fahalalàna.


Izany no mahatonga ny **asanareo voalohany ho mpampianatra**—mampianatra ny ankizy, ray aman-dreny, tantsaha, mpampianatra any am-pianarana, mpiasan'ny fahasalamana hafa—ireo rehetra afaka ampianarinareo.

Ny fahaiza-mampianatra no fahaizana lehibe indrindra afaka ianaran'ny olona iray. Ny mampianatra dia manampy ny hafa hitombo, ary mitomboa miaraka amin'izy ireo. **Ny mpampianatra mahay dia tsy ny olona mampiditra hevitra ao anatin'ny lohan'ny hafa; izy dia ilay olona manampy ny hafa hanana ny heviny manokana, ary hanao fikarohana samirery.**

Ny fampianarana sy ny fianarana dia tsy tokony mijanona eo amin'ny toeram'pianarana na toeram-pitsaboana ihany. Tokony miseho ao an-trano, eny an-tsaha, ary eny an-dalana. Amin'ny maha mpiasan'ny fahasalamana anareo, ny iray amin'ireo fahafahanareo tsara indrindra mampianatra dia ny fotoana hitsaboanareo ny marary. Fa mila mijery hatrany ny fotoana ahafahana mifanakalo hevitra, mifampizara, maneho, ary manampy ireo olona hisaina sy hiasa miaraka ianareo.


Ao anatin'ny pejy vitsivitsy manareka dia misy hevitra vitsivitsy izay mety hanampy anareo hanareo izany. Soso-kevitra ihany ireo. Hahita hevitra maro ianareo.

### FOMBA FIASA ROA AMIN'NY FIAHIANA NY FAHASALAMANA



## Fitaovam-pampianarana

**Flannelboards** dia tsara ho an'ny firesahana miaraka amin'ny vondrona satria afaka manao sary foana ianareo. Fonosy ravin-damba *flannel* ny tabilao efajoro na baoritra. Afaka ametrahanareo sary nohetezana isan-karazany eo amboniny. Ravina ampaly na flannel apetaka ao an-damosin'ireo sary kely mba hipetahan'izy ireo eo amin'ilay tabilao vita amin'ny flannel.





**Sary be sy Peta-drindrina.** "Ny sary iray dia mendrika teny miisa arivo." Ny sary tsotra, misy na tsy misy teny fampahafantarana vitsy, dia afaka ahantona eny amin'ny tobim-pahasalamana na toerana izay mety ahafahan'ny olona mahita azy ireny. Afaka mandika sasantsasany amin'ny sary ato anaty boky ianareo .

Raha manana olana amin'ny fakana ny angeza sy ny endriky ny sary ianareo, asio tsipitsipika mahitsy zoro manify amin'ny pensily hazo eo ambonin'ilay sary tianareo alaina tahaka ato anaty boky.


Avy eo dia manaova sary tsipitsipika manify manome mahitsy zoro fa lehibe kokoa mitovy isa amin'ny teo ambony eo ambonin'ny taratasy lehibe na baoritra. Alao tahaka amin'izay ny sary ary araho ny mahitsy zoro.

Raha azo atao, angataho ny mpanao sary eo an-tanàna hanao sary na hoso-doko atao peta-drindrina. Na asaivo manao sary lehibe mikasika lohahevitra isan-karazany ireo ankizy.




## Modely sy fanehoana dia manampy amin'ny fampitana hevitra.

Ohatra: rah ate hiresaka amin'ireo reny sy mpampivelona mikasika ny fitandremana ny fanapahana ny tadim-poitrان'ny zaza vao teraka ianareo dia manamboara saribakoly ho solon'ny zazakely. Atsatchy eo amin'ny foitrany ny tady. Ireo mpampivelona manana traik'efa dia hampiseho izany amin'ireo hafa.



Misy **Sarimihetsika** amin'ny kasety, DVD, na amin'ny aterineto mikasika lohahevitra ara-pahasalamana isan-karazany ho an'ny faritra maro maneran-tany.

Misy fandefasana sary mandehe-pila ihany koa. Saingy ny teknolojia dia tsy afaka haka ny toeran'ny mpampianatra mahay.



Afaka hitanareo ao amin'ny pejy 429 ka hatramin'ny 432 ny lisitry ny adiresy ahafahanareo mandefa fangatahana fitaovam-pampianarana ampiasaina amin'ny fampianarana ara-pahasalamana eo amin'ny tanànanareo

## Fomba hafa entina hampitana hevitra

**Fitantarana tantara.** Raha toa ka manahirana anareo ny manazava zavatra iray, ny tantara, indrindra fa tantara marina, dia hanampy anareo hanazava ny hevitrareo.

Ohatra, raha miteny anareo aho fa indraindray dia mahavita manao fitiliana aretina tsara kokoa noho ny dokotera ny mpiasan'ny fahasalamana eo an-tanàna, mety tsy hino ahy ianareo. Fa raha mitantara aminareo mikasika ny mpiasan'ny fahasalamana iray eo an-tanàna antsoina hoe Irene aho, izay mitantana foibe ara-tsakafo kely iray ao Amerika afovoany, mety ho azonareo.

Indray andro nisy ankizy kely farofy iray tonga tao amin'ilay foibe ara-tsakafo. Nirahin'ny dokotera avy amin'ny tobim-pahasalamana teo akaiky teo izy ho any satria tena tsy ampy sakafo tokoa. Sady mikohaka ihany koa io ankizy kely io, ary dia nomen'ilay dokotera fanafody kohaka. Nanahy mafy mikasika ilay zaza i Irene. Fantany fa avy amin'ny fianakaviana mahantha be ilay zaza ary ny zokiny lahy dia maty erinandro vitsivitsy mialoha. Nandeha nitsidika ilay finanakaviana izy ary nahafantatra fa narary mafy nandritra ny fotoana mafy ilay zokiny lahy ary nandrehoka rà. Nandeha nankany amin'ilay tobim-pahasalamana i Irene ary nilaza tamin'ilay dokotera fa manahy izy hoe tioberkilaozy no mahazo ilay zaza. Natao ny fitiliana, ary dia hita tokoa fa marina ny an'i Irene. . . . Hitanareo izao, voatilin'ilay mpiasan'ny fahasalamana alohan'ny dokotera ny tena olana—satria fantany ny olony ary nitsidika ny tranon'izy ireo izy.

Ny tantara ihany koa dia manampy ny fianarana hahaliana kokoa. Manampy tokoa raha toa ka mpitantara mahay ny mpiasan'ny fahasalamana.

**Manaova rindran-tsehatra.** Ireo tantara izay mirakitra zavatra manan-danja dia manohina ny olona kokoa raha toa ka lalaovina. Mety ho ianareo, na ny mpampianatra any am-pianarana, na olona ao amin'ny

komitim-pahasalamana no hilalao tantara kely fohy miaraka amin'ireo ankizy mpianatra.

Ohatra, mba  
hampahafantarana fa tokony  
arovana amin'ny lalitra ny sakafo  
mba hisorohana ny fihanyak ny  
aretina, afaka asaina manao  
akanjo toy ny lalitra ireo ankizy  
kely maro ary manenoneno  
manodidina ny sakafo. Mandoto  
ny sakafo izay tsy misarona ireo  
lalitra. Avy eo dia mihinana ilay  
sakafo ireo ankizy ka marary.  
Saingy ireo lalitra dia tsy afaka  
nipetraka teo ambonin'ny sakafo  
izay ao anaty baoritra misarona.  
Ka ireo ankizy izay nihinana io  
sakafo io dia nijanona ho salama.



**Rehefa maro ny fomba hitanareo hizarana ny  
hevitrareo dia ho azon'ny olona ary  
ho tadinidy kokoa izany.**

## Miara-miasa sy Mianatra ho an'ny Tombontsoan'ny Rehetra


Misy fomba maro hisarohana sy hampidirana ny olona amin'ny fiasana miaraka mba hahazoana ny zavatra ilain'ny rehetra. Ireto misy ohatra vitsivitsy:

**1. Kaomitim-pahasalaman'ny tanàna.** Vondron'olona mahavita azy, ireo olona liana amin'ny dia azo fidian'ny mponina mba hanampy handrafitra sy hitarika hetsika mikasika ny fahasalaman'ny fiaraha-monina—ohatra: mandavaka lava-pako na lava-piringa. Ilay mpiasan'ny fahasalamana dia afaka ary tokony mizara ny ankabetsahan'ny andraikiny amin'ny hafa.

**2. Resadresaka ataon'ny vondrona.** Ireo reny, ray, ankizy mpianatra, tanora, mpitsabo nentim-paharazana, na vondrona hafa dia afaka miresadresaka mikasika ireo filàna sy ny olana miantraika amin'ny fahasalamana. Ny tanjona lehiben'izy ireo dia ny manampy ny olona mba hizara ny heviny ary hifototra amin'izay efa fantany.

**3. Fetiñ'ny asa.** Ny tetik'asam-piarahamonina toy ny fananganana rafitra mahakasika ny rano na fanadiovana ny tanàna dia vita haingana ary mety ahafinaritra raha manampy ny rehetra. Kilalao, hazakazaka, fialana hetaheta, ary loka tsotra dia manampy ny asa hiova ho lalao. Ampiasao ny eritreritra.

**4. Fiaraha-miasa.** Ny olona dia afaka mampihena ny fandaniam-bola amin'ny alalan'ny fizarana fitaovana, trano fitehirizana, ary tany koa angamba. Ny fiaraha-miasan'ny vondrona dia manana fiantraikany lehibe eo amin'ny fiainan'ny olona.



‘TENA MAHAVITA ASA BETSAKA SY TSARA NY ANKIZY REHEFA AVADIKA HO LALAO NY FANAOVANA TZANY

**5. Fitsidihana trano fianarana.** Miasa miaraka amin'ny mpampianatra eo an-tanàna mba hamporisihina ny hetsika mikasika ny fahasalamana, amin'ny alalan'ny fampisehoana sy filalaovana tantara kely. Asao ihany koa ireo vondrona mpianatra vitsy ho avy eny amin'ny tobim-pahasalamana. Tsy vitan'ny hoe hianatra haingana ny ankizy, fa afaka hanampy ihany koa izy ireo amin'ny fomba maro. Raha omenareo fahafahana ny ankizy, ho tonga loharano sarobidy tokoa izy ireo.

**6. Fivoriana mikasika ny fahasalaman'ny reny sy ny zaza.** Zava-dehibe manokana ny mampahafantatra tsara amin'ny vehivavy mitondra vohoka sy ireo reny mananjaka kely (latsaky ny dimy taona) mikasika ny filàna ara-pahasalaman'izy ireo sy ny zanany. Ny fandehanana tsy tapaka eny amin'ny tobim-pahasalamana dia fotoana fanararaotana hizaham-pahasalamana sy hianarana. Asaivo mitazona rakitsoratra mikasika ny fahasalaman'ny zanany ireo reny ary asaivo entiny izany isam-bolana mba hanarahana ny fitombon'ny zanany (jereo ny Tabilaon'ny Fahasalaman'ny Zaza, p. 297). Ireo reny izay mahazo ilay tabilao matetika dia faly tokoa manome sakafoto tsara ny zanany ary miantoka fa mitombo tsara izy ireo. Azon'izy ireo atao ny mianatra mba hahazo ilay tabilao na dia tsy mahay mamaky teny ary izy ireo. Mety afaka manampy manofaha ireo reny ireo ianareo mba hikarakarany sy hitarihany ireo hetsika ireo.


**7. Fitsidihana tokan-trano.** Manaova fitsidihana ara-pirahalahiana ny tokan-tranon'ny olona, indrindra fa ny tranon'ny fianakaviana izay manana olana, izay tsy tonga matetika eny amin'ny tobim-pahasalamana, na koa tsy mandray anjara amin'ny hetsika ataon'ny vondrona. Fa hajao ny fiainanana manokan'ny olona. Rehefa tsy am-pirahalahiana ny fitsidihaneo dia aza manao izany—raha tsy hoe tandindomin-doza ny ankizy na olona tsy misy mpiyahy.

## Fomba Fifampizarana na Fifanakalozan-kevitra ao anatin'ny Vondrona

Amin'ny maha mpiasan'ny fahasalamana anareo, ho hitanareo fa ny fahombiazana azonareo tamin'ny fampivoarana ny fahasalamana mponinareo dia miankina betsaka tokoa amin'ny fahaizanareo amin'ny maha mpampianatra anareo noho ny amin'ny fahaizana ara-medikaly na ara-teknika anananareo. Satria raha tsy miara-mandray anjara ary miara-miasa ny fiaraha-monina manontolo tsy ho resy ny olana lehibe.

Tsy mahazo lesona loatra amin'ny zavatra lazaina azy ny olona. Fa mianatra amin'ny alalan'ny zavatra eritreretiny, tsapany, resahiny, hitany, ary ataony miaraka izy ireo.

Noho izany, ny mpampianatra mahay dia tsy mipetraka eo ambony latabatra fotsiny ary **miresaka amin'ny olona**. Miteny izy ary **miaraka** miasa amin'izy ireo. Manampy ireo olony hisaina mazava mikasika ny filàny izy ary mikaroka ireo fomba mety ahazoana izany. Mitady ny fotoana rehetra izy hizarana hevitra ao anatin'ny fomba malalaka sy amim-pirahalahiana



MIRESAKA MIARAKA AMIN'NY OLONA

AZA MANAO TENY TSY VALINA


Angamba ny zava-dehibe indrindra afaka ataonareo amin'ny maha mpiasan'ny fahasalamana anareo dia ny manaitra ny mponina mikasika ny zavatra azon'izy ireo atao... hanampiana azy ireo hahatoky tena. Matetika dia tsy manova ny zavatra tsy tiany ireo tambanivohitra satria tsy manandrana izy ireo. Matetika loatra dia mihevi-tena ho tsy mahay na inona inona sy tsy manan-kery izy ireo. Saingy diso izany. Ny ankabeazan'ny tambanivohitra, ao anatin'izany ireo tsy mahay mamaky teny sy manoratra, no manana fahalalana sy fahaizana misongadina. Efa manao fanovana lehibe sahady izy ireo eo amin'ny manodidina azy amin'ny alalan'ireo fitaovana ampiasainy, ny tany voleny, ary ny zavatra atsangany. Afaka manao zavatra manandanja maro noho ireo ataon'ny olona nandia fianarana izy ireo.

Raha afaka manampy ny olona hahatsapa fa efa tena mahay ary nahavita nanova ny manodidina azy ianareo, dia mety ho tsapany ihany koa fa afaka hianatra ary hanao zavatra bebe kokoa izy ireo. Amin'ny alalan'ny fiasana miaraka, azon'izy ireo atao tsar any mitondra fiovana mbola ngeza lavitra ho an'ny fahasalamana izy ireo.

Ka ahoana ary no hitenenanareo izany amin'ireo mponina?

Matetika dia tsy afaka ianareo! Fa saingy azonareo atao ny manampy azy ireo hikaroka ny sasany amin'ireo zavatra ireo ho an'ny tenany—amin'ny alalan'ny famoriana azy ireo hanao resadresaka. Aza dia miteny betsaka, fa atombohy amin'ny fametrahana fanontaniana ny resadresaka. Sary tsotra toy ny sary ao amin'ny pejy manaraka izay maneho ankohonana tantsaha any Amerika afovoany dia mety hanampy. Te hanao sary manokana anareo ianareo, miaraka amin'ny trano, olona, biby, ary voly izay mitovy kokoa amin'izay eo amin'ny faritra misy anareo.

## AMPIASAO NY SARY MBA HAMPIRESAHANA NY OLONA SY HIARAKA MISAINA



Ampisehoy sary mitovy amin'ito ny olona ary angataho izy ireo hiresaka mikasika io sary io. Mametraha fanontaniana izay ahatonga ny olona hiresaka mikasika izay zavatra fantany sy azony atao. Ireto misy santoniany amin'ny fanontaniana:

- Iza ireo olona ao anaty sary ary ahoana ny fomba fainan'izy ireo?
- Toy ny ahoana io tany io alohan'ny nahatongavan'ireo olona ireo?
- Tamin'ny fomba ahoana no nanovan'izy ireo ny manodidina azy?
- Ahoana ny fiantraikan'izany fanovana izany tamin'ny fahasalamana sy ny fainan'izy ireo?
- Inona ireo fanovana hafa azon'ireo olona ireo atao? Inona ny zavatra hafa mbola azon'izy ireo ianarana? Inona no manakana azy? Ahoana ny fomba hianaran'izy ireo bebe kokoa?
- Ahoana ny fomba nianaran'izy ireo namboly sy niompy? Iza no nampianatra azy?
- Raha dokotera na mpanao lalàna no nifindra teto amin'ity tany ity ary tsy nanana vola na fitaovana toy ireo olona ireo? Mety vitany ve ny namboly teo? Fa nahoana?
- Inona ny itovian'ireo olona ireo amintsika?


Ity karazana resadresaka miaraka amin'ny vondrona ity dia manampy ny olona hatoky tena sy hatoky ny fahaizan'izy ireo manova zavatra. Hanampy azy koa ity hahatsapa tena ho voakasiky ny fiaraha-monina misy azy.

Amin'ny voalohany dia mety ho hitanareo ho miadana eo amin'ny fandraisam-pitenenana sy ny filazana ny ao an-tsainy ireo olona. Fa rehefa afaka kelikely dia hanomboka hiteny malalaka amin'izay izy ireo ary hametraka fanontaniana manandanja. Amporisaho ny tsirairay hilaza ny zavatra eritreretiny ary hiteny mafy tsy misy tahotra. Angataho ireo izay be resaka kokoa mba hanome anjara fitenenana ny hafa izay miadana kokoa amin'ny fitenenana.

Afaka mieritreritra sary sy fanontaniana maro hafa ianareo hanombohana ny resadresaka izay hanampy ny olona hijeryamin'ny fomba mazava kokoa ny olana, ny antony, ary ny mety ho vahaolana.

---

Inona ny fanontaniana mety afaka apetrakao mba ahatonga ny olona hieritreritra ireo zavatra isan-karazany nitarika ny toe-java-mitranga amin'ilay zaza eo amin'ity sary manaraka ity?



Ezaho eritreretina ireo fanontaniana izay mitarika fanontaniana hafa ka hahatonga ny olona hametra-panontaniana ho azy ireo ihany. Firy amin'ny ireo antony izay fototry ny fahafatesana avy amin'ny aretim-pivalanana (jereo p. w7) no ho eritreretin'ireo olona rehefa miresaka mikasika ity sary ity izy ireo?

## MAMPIASA ITY BOKY ITY AMIN'NY MAHA METY AZY

Izay rehetra mahay mamaky teny dia afaka mampiasa ity boky ity any an-tranony. Eny fa na dia ireo tsy mahay mamaky teny aza dia afaka mianatra amin'ny alalan'ireo sary. Fa ampiaiao amin'ny tena mahamety azy indrindra ity boky ity, matetika dia mila fampianarana ny olona.

Afaka atao amin'ny fomba maro izany.



Ny mpiasan'ny fahasalamana na ny olona izay mamoaka ity boky ity dia tokony miantoka fa azon'ny olona ny fomba fampiasa ny lisitry ny Votoatiny, ny Fanoroam-pejy, ireo Pejy Maitso, ary ny Voambolana. Karakarao manokana ny fanomezana ohatra ny amin'ny **fomba fijerena ny toerana misy ny zavatra voatondro**. Amporisiho ny tsirairay hamaky tsara ny fizarana ao anatin'ny boky izay manampy hahatakatra **izay azo atao ka mahasoa, izay mety hanimba na hampidi-doza**, ary **rehefa inona no tena illaina ny fanampiana** (jereo manokana ny Toko 1, 2, 6, ary 8, ary koa IREO FAMANTARANA NY ARETINA MAMPIDI-DOZA, p. 42). Hazavao ny maha zava-dehibe ny **fisorohana ny aretina alohan'ny hitrangan'izany**. Amporisiho ny olona handinika manokana ny Toko 11 sy 12, izay miresaka mikasika ny **fisakafoanana mety** (sakafo) ary ny **fitandroana fahadiovana** (fahadiovana sy fanadiovana).

Asehoj ary mariho ihany koa ireo pejy izay miresaka mikasika ireo olana mateti-pitranga eo amin'ny toerana misy anareo. Ohatra: afaka marihinao ny pejy miresaka mikasika ny aretim-pivalanana ary ataovy azo antoka fa ireo reny manan-janaka kely dia hahazo ny mikasika ny 'zava-pisotro manokana' (fampisotroan-drano, p. 152). Ny olana sy filàna maro dia afaka azavaina amin'ny teny fohy. Saingy raha mandany fotoana lava miaraka amin'ny olona miresaka ny fomba fampiasa ity boky ity na ny fomba famakiana sy fampiasana azy ity miaraka ianareo, dia vao maika hazava kokoa ho an'ny olona rehetra izany.

Ianareo, amin'ny maha mpiasan'ny fahasalamana anareo dia mety hamporisika ny olona hanangana **vondrona kely** iray hiaraka hamaky ny boky, hiresadresaka mikasika ny toko iray isaky ny mandeha. Jereo ny olana lehibe indrindra eo amin'ny faritra misy anareo—inona ny atao mikasika ny olana ara-pahasalamana izay efa misy ary ahoana ny fomba hisorohana ny olona mitovy amin'izany amin'ny ho avy. Ezaho ny mitarika ny olona hijery lavitra.

Ireo olona izay liana dia mety afaka mivondrona ho an'ny **fianarana fohy** ka mampiasa ny lahtsoratra ato anatin'ity boky ity (na hafa). Ireo mpikambana ao anatin'ny vondrona dia afaka miresadresaka mikasika ny fomba hamantarana, hitsaboana, ary hisorohana olana isan-karazany. Afaka mifandimby mampianatra sy manazava amin'izy ireo tsirairay avy izy ireo.

Mba hahatonga ny fianarana ho mahafaly kokoa dia afaka **lalaovinareo ny tranga**. Ohatra: misy iray afaka manao ho toy ny voan'ny aretina manokana iray ary manazava ny zavatra tsapany. Avy eo ireo hafa dia mizaha fahasalamana azy (Toko 3). Ampiasao ny boky mba hiezahana mamantatra ny manjo azy sy ny zavatra afaka atao. Ilay vondrona dia tokony mitadidy ny mampandray anjara ilay olona 'marary' ao amin'ny fianarana bebe kokoa mikasika ny aretiny—ary tokony mamarana amin'ny firesadresahana miaraka aminy mikasika ny fomba hisorohana ilay aretina amin'ny ho avy. Izany rehetra izany dia afaka lalaovina ao amin'ilay fianarana.

Ao anatin'ny boky mitondra ny lohateny hoe Manampy Ireo Mpiasan'ny Fahasalamana Hianatra dia misy fomba mampientanentana sy mandaitra hampianarana mikasika ny fikarakarana ny fahasalamana, izay hita any amin'ny Hesperian ihany koa.

Amin'ny maha mpiasan'ny fahasalamana anareo, ity misy iray amin'ireo fomba tsara indrindra hanampiana ny olona amin'ny fampiasana amin'ny tena izy ity boky ity: Rehefa misy olona tonga mitady fitsaboana any aminareo, asaivo mijery ny aretiny na ny aretin-janany ato anaty boky izy ireo mba ahitana ny fomba hanasiranana izany. Maka fotoana betsaka izany saingy manampy betsaka kokoa izany noho ny manao izany ho azy ireo. Rehefa diso na tsy nahita zavatra manan-danja ilay olona izay ianareo vao manampy azy mianatra ny fomba tsara hanaovana izany. Amin'izay dia, **na dia ny aretina aza dia manome fahafahana ny olona hianatra**.

Ry mpiasan'ny fahasalamana eo an-tanàna hajaina—na iza na iza ary na aiza na aiza ianareo, na manana anaram-boninahitra ianareo na toerana ambony, na olona tsotra toa ahy ka liana amin'ny fahasalamana hafa—ampiasao amin'ny tokony ho izy ity boky ity. Ho anareo sy ho an'ny olona rehetra ity boky ity.

Tadidio anefa fa ny ampahany lehibe indrindra amin'ny fikarakarana ny fahasalamana dia tsy o hitanareo ato anatin'ity boky ity na any amin'ny boky hafa. Ny fanalahidin'ny fahasalamana dia ao anatinareo sy ny olonareo, amin'ny fikarakarana, ny fiahiana, ary ny fitiavana hifampizaranareo. Raha tianareo ny hahita ny fiaraha-moninareo ho salama, miantehera amin'ireo.



## FANAMARIHANA

Ity boky ity dia manampy ny olona hahazo ny ankabeazan'ny filàn'izy ireo eo amin'ny lafiny ara-pahasalamana ho azy ireo ary amin'ny alalan'ny tenany. Saingy tsy manana ny valim-panontaniana rehetra izy ity. Raha sendran'ny aretim-be na tsy tena azonao antoka ny fomba hifehezanao ilay olana ara-pahasalamana, mandehana manantona mpiasan'ny fahasalamana na dokotera maka torohevitra raha azo atao izany.

